

# Ireo Aretina Izay Afangaro Matetika

TOKO

2

## INONA NY MAHATONGA NY ARETINA?

Ireo olona avy amin'ny firenena na fototra samihafa dia manana fomba maro hanazavana ny antony mahatonga aretina.

Voan'ny aretim-pivalanana ny zaza. Fa nahoana?

### Ireo mponina ao anatin'ny tanàna

**kely** dia mety hiteny fa nohon'ny fanaovan'ny ray aman-dreniny ny tsy mety, na mety nahatezitra zanahary na fahany izy ireo.

**Ny dokotera** dia mety hiteny fa nohon'ny tsimok'aretina izany.

**Ny tompon'andraikitra ny fahasalamam-bahoaka** dia mety hiteny fa nohon'ny tsy fananan'ny mponina rafitra mikasika ny rano na ny fampiasana lava-piringa izany.

**Ny mpitondra fanavaozana ara-piaraha-monina** dia mety hiteny fa ny fepetra tsy mahasalama izay mitarika aretim-pivalanana matetika eo amin'ny zaza dia ateraky ny fizarana tsy ara-drariny ny tany sy ny harena.

**Ny mpampianatra** dia mety hanome tsiny ny tsy fahampian'ny fampianarana.

Ny olona dia mahita ny anton'ny aretina araky ny zavatra efa niainan'izy ireo sy ny fomba fijeriny. Iza ary no tena manana ny marina mikasika ireo antony? Mety ho marina ny rehetra, na marina amin'ny ampahany. Satria...



### Ny aretina matetika dia avy amin'ny fitambaran'ny antony



“Nahoana no ny zanako?”

Ireo antony tsirairay izay voalaza etsy ambony dia mety ho ampahany amin'ny antony pahatonga ny aretim-pivalanana'ny zaza.

Mba hisorohana sy hitsaboana ny aretina amin'ny fomba mahomby dia mil any fahazoana faran'izay feno ny mikasika ireo aretina mateti-pitranga eo amin'ny toerana misy anareo ary ny fikambanan'ireo zavatra izay miteraka izany.

Aro anatin'ity boky ity, ireo aretina isan-karazany dia resahina araky ny rafitra sy ezaka eo amin'ny fitsaboana moderina na siantifika.

**Mba hampiasana amin'ny fomba mahomby ity boky ity, sy fampiasana azo antoka ireo fanafody izay atorony dia mila mahalala ireo aretina sy ireo antony mahatonga izany ianareo araky ny fitsabona ara-tsiantifika.** Ny famakiana ity toko ity dia mety manampy.

**Ireo Karazana Aretina sy Ireo Antony Mahatonga Izany**

Rehefa mandinika ny fomba hisorohana na hitsaboana aretina samihafa dia manampy ny mieritreritra azy ireo amin’ny fomba roa: areti-mifindra sy tsy mifindra.

**Ny areti-mifindra** dia ireo izay mifindra avy amin’ny olona iray mankany amin’ny olona iray hafa. Ireo olona salama dia tsy maintsy arovana alin’ireo olona izay voan’izany aretina izany.

**Ny aretina tsy mifindra** dia tsy mifindra avy amin’ny olona iray mankany amin’ny olona iray hafa. Izy ireo dia manana antony hafa. Noho izany dia zava-dehibe tokoa ny mahalala ny aretina izay mifindra sy izay tsy mifindra.

**Ny aretina tsy mifindra**

Ny aretina tsy mifindra dia manana antony maro. Saingy tsy mba avy amin’ny mikraoba, bakteria na zavamananaina hafa izay mamely ny vatana izany. Tsy mifindra avy amin’ny olona iray mankany amin’ny olona iray hafa izy ireo. Zava-dehibe tokoa ny mahatsapa fa ny antibiotika na fanafody miady amin’ny mikraoba (jereo p. 55), dia tsy manampy amin’ny fitsaboana aretina tsy mifindra.

Tadidio fa: **Ny antibiotika dia tsy mahasitrana aretina tsy mifindra.**

**OHATRA AMIN’IREO ARETINA TSY MIFINDRA**

<p><b>Olana izay ateraky ny zavatra simba na tsy mandeha amin’ny tokony ho izy ao amin’ny vatana:</b></p> <p>rohana fihetsehan’ny fihetsehan’ny aretim-po fanintona fahatapahan’ny lalan-drà marary an-doha lava aretin’andoha zavo-maso homamiadana</p>	<p><b>Olana izay ateraky ny zavatra avy ety ivelany izay manimba na manakorotana ny vatana:</b></p> <p>Tsy fahazakana asma poizina kaikitry ny bibilava Kohaka ateraky ny sigara fery ao anatin’ny vavony fisotroan-taoka diso tafahoatra</p>	<p>Olana izay ateraky ny tsy fahampian-javatra ilain’ny amin’ny vatana:</p> <p>Tsy fahampian-tsakafo Tsy Fahampian-drà Aretin-koditra Ateraky ny Tsy Fahampian-tsakafo Tsy fahitana amin’ny alina ary Hamaina-maso treho sy fiondranondranana Aretin-tselan’Aty (ampahany amin’ny antony)</p>
<p><b>Olana avy any an-kibon-dreny:</b></p> <p>sima fanintona (karazany) njola fahamedan’ny saina (fahanjola maso) hamatra tsy fahatomombanana hafa</p>		<p><b>Olana izay miantomboka ao an-doha (aretin-tsaina):</b></p> <p>Tahotra fa ny zavatra iray dia hampidi-doza nefa tsy izany akory (marary saina) ahiahy (tebiteby) finoana mosavy (ody ratsy) tahotra tsy voafehy (faharomotana)</p>

**Areti-mifindra**

Ny areti-mifindra dia ateraky ny bakteria sy zavamananana aina hafa (zavatra miaina) izay manimba ny vatana. Miparitaka amin’ny fomba maro izy ireo. Ireto misy karazana zavamananana aina

## OHATRA AMIN'NY ARETI-MIFINDRA

Ireo zavamananaina miteraka ilay aretina	Anaran'ilay aretina	Ny fomba fiparitahany na fidirany ao anaty vatana	Ireo fanafody fototra
lalitra bakteria (mikraoba)	Raboka	avy amin'ny rivotra (kohaka)	Antibiotika isan-karazany ho an'ny aretina avy amin'ny bakteria isan-karazany
	tetanosa	ratra maloto	
	aretim-pivalanana	rantsana maloto, rano,	
	pnemonia (karazany sasany)	avy amin'ny rivotra (kohaka)	
	Aretina mihanaka avy amin'ny firaisana ara-nofo, <i>chlamydia</i> , ary angatra	firaisana ara-nofo	
	aretin'ny sofina	miaraka amin'ny sery	
	fery manonitra	fifandraisana amin'ny zavatra maloto vay	
	misy nana	fifandraisana mivantana (amin'ny fikasihana)	
Tsimokaretina (mikraoba kely noho ny bakteria)	sery, gripa, kitroto, donika, nendram-boalavo, fahalemen'ny zaza, Aretim-pivalanana avy amin'ny otrikaretina	Avy amin'ny olona marary, avy amin'ny rivotra, avy amin'ny kohaka. lalitra, sns.	<i>acetaminophen</i> na Mpanala fanaintainana hafa (Ireo fanafody toy ny antibiotika dia tsy miady amin'ny tsimokaretina amin'ny fomba mahomby)
	haromotana	Kaikitry ny biby	Fanaovana vaksiny miaro amin'ny tsimokaretina
	fikasihana	votsy	
	VIH	ny tsiranoka avy amin'ny aretina amin'ny Vatan'olona hafa	Ny fanafody voan'ny <i>Antiretroviral</i> dia mankao miady amin'ny VIH
Holatra	<i>tsindoha</i> ny atleta <i>benzoic, salicylic acid</i>	amin'ny alalan'ny fikasihana na akanjo	solifara sy vinaingitra tongotry menaka: <i>undecylenic</i> , misy <i>tsindoha griseofulvin</i>
kantsetsitra anaty (bibikely mampidoza miaina ao anain'ny vatana)	Ao anatin'ny tsinay: kankana amiba (fivalanan-drà)	tay mankany amin'ny vava tsy fahampian'ny fahadiovana	fanafody manokana isan-karazany
	ao anatin'ny rà: tazo	kaikitry ny moka	fitambarana fanafody tazo
kantsetsitra ivelany (bibikely manimba miaina eo ambonin'ny	haofotsy parasy kongom-pandriana lagaly	fifandraisana amin'ireo olona voa na ny akanjon'izy ireo	permethrin, manao madio

Ny bakteria, toy ny zavamananana aina hafa izay miteraka aretina dia kely dia kely tsy afaka hitanao raha tsy mampiasa mikraoskaopy fitaovana iray izay mahatonga ny zavatra kely ho ngeza rehefa jerena. Ny tsimokaretina dia mbola kely mihoatra noho ny bakteria.


Ny antibiotika (penicillin, tetracycline, sns.) dia fanafody izay manampy amin'ny fanasitranana aretina sasany izay ateraky ny bakteria. **Ny antibiotika dia tsy misy vokany amin'ny aretina ateraky ny ankabeazan'ny tsimokaretina**, toy ny sery, gripa, donika, nendram-boalavo, sns. **Aza sitranina amin'ny alalan'ny antibiotina ny aretina azo avy amin'ny tsimokaretina.** Tsy mandaitra izy ireo ary mety hampidi-doza (jereo **antibiotika**, p. 55).

## Ireo Aretina Izay Sarotra Avahana

Indraindray, ireo aretina izay manana antony samihafa ary mila fitsaboana samihafa dia miteraka olana izay mitovy. Ohatra:


1. **Ny zaza izay mihamahia sy mihamalemy, ka mihamibontsina ny kibony, dia mety manana olana iray (na maro) amin'ireto manaraka ireto:**

- tsy fahampian-tsakafo (jereo p. 112)
- be kankana, p. 140, (matetika dia miaraka amin'ny tsy fahampian-tsakafo)
- raboka mihombo be (p. 179)
- aretin'ny fivalanan-drano mahery vaika maharitra (p. 234)
- iray amin'ireo olan'ny aty na sarakaty
- homamiadan'ny rà



2. **Olona antitra iray izay misy vay lehibe, misokatra, mitombo miandalana eo amin'ny kitrokely dia mety voan'ny:**

- tsy fikorinan'ny rà tsara ka miteraka varisy na antony hafa (p. 213)
- dibeta (p. 127)
- otrik'aretina amin'ny taolana (*osteomyelitis*)
- habokana (p. 191)
- raboky ny hoditra (p. 212)
- angatra mihombo be (p. 237)



Ny fitsaboana ara-medikaly ireo aretina tsirairay ireo dia samihafa, ka mba hitsaboana azy ireo amin'ny tena izy dia zava-dehibe tokoa ny manavaka azy ireo.

Maro ireo aretina izay toa mitovy tanteraka amin'ny voalohany. Saingy raha mametraka ny fanontaniana tena sahaza izany ianao ary mahafantatra ny zavatra tadiavina, ahalala zavatra ary ahita famantarana izay hanambara aminao ny aretin'ny olona iray ianao.

Ity boky ity dia milazalaza ny tantara sy ny famantarana mahazatra ho an'ny aretina maro. Saingy tandremo! Ireo aretina dia tsy maneho foana ireo famantarana voalaza ho azy ireo—na mty hanjavozavo ireo famantarana. **Ho an'ireo tranga izay sarotra, ny fanampian'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traik'efa na dokotera dia ilaina matetika.** Indraindray dia mila fitiliana na fandinihina manokana izany.

□

**Miasà araky ny fetranao!**

**Amin'ny fampiasana ity boky ity dia tsarovy fa mora tokoa ny mandiso.**

**Aza milaza tena ho mahay zavatra tsy ainao.**

**Raha tsy tena azonao antoka ilay aretina ary tsy ainao ny mitsabo izany, na tena mafy be ilay aretina—mitadiava fanampiana ara-medikaly.**

## IREO ARETINA MATETIKA AFANGARO NA OMENA ANARANA MITOVY

Maro amin'ireo anarana mitovy izay omen'ny olona ny aretina mahazo azy ireo dia efa nampiasaina efa ela talohan'ny nahafantarana ny fisian'ny mikraoba sy ny bakteria na ny fanafody izay miady amin'izy ireny. Ny aretina samihafa izay niteraka olana mitovitovy-toy ny 'hafanana be' na 'fanaintainana eo amin'ny takiba"—dia matetika omena anarana iray ihany. Amin'ny toerana maro maneran-tany, ireo anarana mitovy ireo dia mbola ampiasaina. Ireo dokotera izay nofanina an-tanan-dehibe matetika dia tsy mahalala ary tsy mampiasa ireo anarana ireo. Noho izany antony izany, ny olona dia mihevitra matetika fa mametaka 'aretina tsy tsaboin'ny dokotera'. Noho izany dia tsaboin'izy ireo amin'ny bozaka sy fanafody natao tao an-trano ireo **aretina ao an-trano** ireo.

Raha ny tena izy dia ny ankabeazan'ireo aretina ao an-trano na "aretina nentin-drazana" dia mitovy amin'ireo fantatry ny siansa ara-medikaly. Ny anarany fotsiny no samihafa.

**Ho an'ny aretina maro, ny fanafody natao tao an-trano dia mandaitra tsara. Saingy ho an'ny aretina sasany, ny fitsaboana amin'ny alalan'ny fanafody modrina dia mandaitra kokoa ary mety manavotra aina.** Marina tokoa izany ho an'ny aretina mahafaty toy ny pnemonia, tefoedra, raboka, na ny aretina aorian'ny fiterahana.

Mba ahafantarana hoe aretina inona no tena mila fanafody maoderina sy mba hanapahana hoe fanafody inona no ampiasaina, zava-dehibe ho anao ny miezaka **mamantatra hoe inona ilay aretina ao amin'ireo voambolana ampiasain'ireo mpiasan'ny fahasalamana voaofana sy ato anatin'ny boky.**

- **Raha tsy itanao ato anatin'ity boky ity ilay aretina tadiavinao, tadiavo amin'ny anarana hafa izany, na ao anatin'ny toko izay miresaka mikasika ny olana izay mitovy amin'ilay aretina.**

**Ampiasao ny lisitry ny VOTOATINY sy ny  
FANOROAM-PEJY.**

Raha tsy azonao antoka hoe inona ilay aretina—indrindra fa raha aretina mafy be—miezaha mitady fanampiana ara-medikaly.

Ny ambiny amin'ity toko ity dia manome ohatra amin'ny anarana mahazatra na nentin-drazana ampiasain'ny olona ho an'ny aretina maro. Matetika dia anarana iray ihany no omena ireo aretina samihafa araky ny siansa ara-medikaly.


Tsy afaka manome ohatra ho an'ny firenena na toerana mety afaka hampiasana ity boky ity aho. Noho izany, notazomiko ireo avy amin'ilay dika Espaniola, miaraka amin'ireo anarana izay nampiasain'ireo mponina any atsinanan'I Meksika. Mety tsy hitovy amin'ny anarana fampiasanao izany. Na izany aza, ireo olona amin'ny faritra maro maneran-tany dia mahita ary miresaka mikasika ny aretin'izy ireo amin'ny fomba mitovy. Noho izany dia mety hanampy anao hieritreritra mikasika ny anarana omen'ny olona eo amin'ny toerana misy anao ny aretina ireo ohatra ireo.

Afaka mieritreritra ny anarana omen'ny olona eo amin'ny toerana misy anao ireto "aretina nentin-drazana" ireto ve ianao? Raha azonao atao dia soraty aorian'ny anarany amin'ny teny Espaniola, eo amin'ilay misy hoe,

Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_

## OHATRA AMIN'NY ANARAN'IREO ARETINA EO AN-TOERANA

Anarana Espaniola: EMPACHO (TSINAY TSENTSINA) Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_



Amin'ny voambolana medikaly, ny empacho (fitohanana) dia midika fa ny tsinay dia voasakana na tsentsina (jereo p. 94). Saingy any amin'ny tanàna meksikanina kosa, ny aretina rehetra izay miteraka aretim-bavony na aretim-pivalanana dia azo antsoina hoe empacho avokoa. Voalaza fa bolongam-bolo na zavatra hafa no manohana ny tsinay.

Ireo olona dia manome tsiny ny mpamosavy na ny fanahy ratsy, ary manasitrana ny aretina amin'ny alalan'ny fanasitrana mahagaga na vera nafanaina (jereo ny sary). Matetika ireo mpitsabo nentim-paharazana dia milaza fa nahazo bolongam-bolo sy tsilo avy ao anatin'ny tsonay amin'ny alalan'ny finonoana ny kibo.

Ireo aretina samihafa izay miteraka fanaintainan'ny vavony na tsy fahazoana aina ary matetika antsoina hoe empacho dia:

- aretim-pivalanana na fivalanan-drà arahin'ny fikainkona (p. 153)
- kankana (p. 140)
- vavony mivonto noho ny tsy fahampian-tsakafo (p. 112)
- tsy fandevonan-kanina na fery ao anaty vavony (p. 128)
- ary mahalana, tsinay tsentsina na *appendicitis* (p. 94)

Ny ankamaroan'ireo olona ireo dia tsy sitran'ny fanasitrana mahagaga na vera nafanaina. Mba hitsaboana ny empacho dia ezaho fantarina ary tsaboana ilay aretina izay miteraka izany.

Anarana Espaniola: DOLOR DE IJAR (FANAINTAINANA EO AMIN'NY TAKIBA)

Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_

Io anarana io dia ampiasaina ho an'ny fanaintainana rehetra izay tsapan'ny vehivavy eo amin'ny takiban'izy ireo. Matetika ilay fanaintainana dia tonga hatrany manodidina ny na ambanin'ny lamosina. Ireo antony mety mahatonga io fanaintainana io dia:

- aretin'ny taovam-pivalanan-drano (ny voa, ny tatavia, na ny fantsona izay mampifandray azy ireo, jereo p. 234)
- fikainkona na voan'ny rivotra (jereo aretim-pivalanana, p. 153)
- fanaintainan'ny fadim-bolana (jereo p. 245)
- *appendicitis* (jereo p. 94)
- otrik'aretina, tatavia kely, na tamban-tsela vao ao amin'ny tranon-jaza na ny fihary atodinaina (p. 243) na zaza an-tsokoditra (jereo p. 280)





Anarana Espaniola: LA CONGESTIÓN (FIHANDRONAN-DRA) Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_


Ny fahasorenana na aretina tampoka izay miteraka rarin-tsaina dia antsoin'ny mponina meksikanina hoe fihandronan-drà. Ny olona dia miresaka congestión an'ny:

loha,

tratra,

vavony,

na ny vatana manontolo.



Lazaina fa ny congestión dia mahazo ireo olona izay manimba ny 'fomba fisakafoanana' (jereo p. 123), amin'ny fihinanana sakafo voarara na fady aorian'ny fiterahana, rehefa mihinana fanafody, na von'ny sery na mikohaka. Na dia **tsy mitera-doza aza ireo sakafo ireo matetika** ary ilain'ny vatan'izy ireo izany indraindray, maro ireo olona no tsy mikitika izany satria matahotra loatra ny ho voan'ny congestion izy ireo.

Ireto avy ireo aretina samihafa izay matetika antsoina hoe congestión:

- Fanapozinana ara-sakafo, amin'ny fihinanana sakafo efa lany daty: miteraka fandoavana tampoka arahin'ny aretim-pivalanana, fikainkona ary fahalemilemena (jereo p. 135).
- Trangana tsy fahazakana zavatra eo amin'ireo olona tsy mahazaka rehefa avy mihinana sakafo sasany (akorandriaka, sokolà, sns,), mihinana fanafody sasantsasany, na mitsindrona penicillin. Mety miteraka fandoavana, aretim-pivalanana, hatsembohana mangatsiaka, olona amin'ny fisefoana, hidihidy, ary rarin-tsaina mahery vaika (jereo p. 166).
- Fahasorenana tampoka eo amin'ny vavony na tsinay: jereo ny aretim-pivalanana (p. 153), fandoavana (p. 161), ary aretin-kibo mahery vaika (p. 93).
- Fahasarotana ara-pisefoana tampoka na mahery vaika: ateraky ny asma (p. 167), pneumonia (p. 171), na zavatra manakana ao amin'ny tenda (p. 79).
- Aretina izay miteraka fanintona (fits) na fahalemena: jereo ny fanintona (p. 178), tetanosy (p. 182), menenzita (p. 185), poliomiélita (p. 314), ary fahatapahan'ny lalan-drà (p. 327).
- Fihetsehan'ny aretim-po: indrindra o amin'ny olona antitra (p. 325).

Anarana Espaniola: LATIDO (FITEMPON-DALANDRA) Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_

Ny Latido dia anarana ampiasaina any Amerika Latina ho an'ny fitempon-dalandrà na 'zavatra mitsambikina' ao anatin'ny kibo. Izy io dia tena fitempon'ny mpanely là faobe na ny lalan-drà lehibe avy any amin'ny fo. Io fitempon-dalandrà io dia afaka hita na tsapa eo amin'ny olona mahia kely na noana. Ny Latido matetika dia famantarana tsy fahampian-tsakafo (p. 112)—na hanoanana! Ny fihinanana sakafo tsara ampy irery ihany no tena fitsaboana azy (jereo p. 110 sy 111).

Anarana Espaniola: SUSTO (FAHAROMOTANA, TAHOTRA) Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_

Ho an'ny mponina ao Meksika, ny susto dia ateraky ny fatahorana tampoka izay nanjo ny olona iray, na avy amin'ny filalaovana ody, famosaviana, na fanahy ratsy. Ny olona voan'ny susto dia kanosa ary katahotra. Mety hangovitra izy, manao fihetsika hafahafa, tsy mahita tory, very lanja, maty mihitsy aza.

**Ny fanazavana ara-medikaly mety mahatonga ny susto:**

1. Eo amin'ny olona maro, ny susto dia fatahorana na faharomotana, mety ateraky ny 'herin'ny finoana' (jereo p. 4). Ohatra: ny vehivavy izay matahotra ny ho amosavian'olona dia mety ho kanosa ary tsy misakafy na matory tsara. Lasa mihamalezolezo izy ary very lanja. Raisiny ho famantarana fa namosavian'olona izany ka dia vao maika izy mihakanosa sy matahotra. Ny susto-ny dia miharatsy hatrany.

2. Eo amin'ny zazakely na ankizy kely, ny susto matetika dia amin'ny endriny samihafa. Ny nofy ratsy dia mety mahatonga ny zaza hitomany ao anatin'ny torimasony na taitra ary matahotra be. Ny hafanana ambony be ateraky ny aretina dia miteraka fomba fitenenana hafahafa na fihetsika (*delirium*). Ny zaza izay toa miendrika sy manao fihetsika toy ny miasa saina matetika dia tsy ampy sakafo (p. 112). Matetika ny famantarana ny fiandohan'ny tetanosy (p. 182) na meninzita (p. 185) dia antsoina hoe susto.

**Fitsaboana:**

When the susto is caused by a specific illness, treat the illness. Help the person understand its cause. Ask for medical advice, if needed.

Rehefa ateraky ny tahotra ny susto, andramo ny mankahery azy ary manampy azy ahazo fa ny tahotra ihany no mahatonga ny olona manjo azy. Ny fitsaboana mahagaga na ny fanafody natao tao an-trano dia mandaitra indraindray.

Raha toa ka saro-piaina na miaina aingana be ilay olona matahotra dia mety be rivotra loatra ny vatany—izay mety ho ampahan'ny olona:


**NY FAHATAHORANA FARATAMPONY NA FAHAROMOTANA ARAHANA FIAINA AINGANA BE (FAHASEMPORANA NOHON'NY FISIAN'NY RIVOTRA BE LOATRA)**

**Famantarana:**

- olona tena matahotra be
- fiaina aingana be
- fitempon'ny fo aingana be
- tsy fahafahana mihetsika na tarehy, Tanana na tongotra mangorintsina
- fikainkon'ny hozatra

**Fitsaboana:**

- ◆ Ataovy izay hampitony ilay olona
- ◆ Ataovy miaina ao anaty harona vita amin'ny taratasy izy ary miaina moramora. Tokony hanohy hiaina ilay rivotra izy mandritra ny 2 na 3 minitra. Tokony hampitony azy izany
- ◆ Azavao azy fa tsy mampidi-doza ilay olona ary ho sitrana aingana izy.





## IREO TSY FIFANKAHAZOAN-KEVITRA ATERAKY NY FIFANGARON'NY ANARANA

Ity pejy ity dia maneho ohatra miisa 2 amin'ny mety ho vokatry ny tsy fifankahazoan-kevitra rehefa midika ho zavatra iray ireo anarana toy ny hoe 'homamiadana' sy 'habokana' ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana ka midika zavatra hafa ho an'ireo mponina. Amin'ny firesahana amin'ireo mpiasan'ny fahasalamana-ary ny fampiasana ity boky ity:

- **lalao ny tsy fifahazoan-kevitra—jereo ny famantarana sy ny tantaran'ny aretin'ilay olona fa tsy ny anarana omen'ny olona izany!**

Anarana Espaniola: CÁNCER (HOMAMIADANA) Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_


Ireo mponina ao Meksika dia mampiasa ny teny hoe cáncer ho an'ny aretin-koditra mahery vaika, indrindra ho an'ny ratra manonitra be (p. 88) na fery mandoaka (p. 213).

Amin'ny voambolan'ny fitsaboana moderina, ny homamiadana dia tsy fifindrana otrikaretina, fa fitomboana na fivontosana tsy ara-dalàna eo amin'ny faritry ny vatana. Ireo karazana homamiadana mahazatra izay tokony ho tandremanareo dia ny:

Homamiadan'ny  
hoditra  
(p. 211)

Homamiadan'  
ny nono  
(p. 279)

Homamiadan'ny tranon-jaza na  
fihary atodinaina  
(p. 280)




Ny fivontosana mafy, tsy marary ary mitombo miadana eo amin'ny faritra isankarazany amin'ny vatanao dia mety ho homamiadana. Ny homamiadana matetika dia mampidi-doza ary mety mila fandidiana.

### Raha miahahy amin'ny fisian'ny homamiadana ianareo dia mandehana mitady fitsaboana ara-medikaly.

Anarana Espaniola: LEpra (HABOKANA) Anarany eo amin'ny faritra misy anao: \_\_\_\_\_

Ireo mponina ao Meksika dia miantso ny vay miparitaka rehetra ho lepra. Izany dia mitarika fifangaroana satria ireo mpiasan'ny fahasalamana dia mampiasa izany voambolana izany ho an'ny tena habokana irery ihany (aretin'I Hansen, p. 191). Ireo vay izay antsoina hoe lepra dia:

- bay mitsiranoka na aretin-koditra hafa (p. 202)
- maharary izay ateraky ny kaikitry ny bibikely na lagaly (p. 199)
- maharary mitarazoka na fery eo amin'ny hoditra toy ireo ateraky Ny tsy fikorinan'ny rà tsara (p. 213)
- homamiadan'ny hoditra (p. 211)
- tsy dia mahazatra, habokana (p. 191) na tioberikilaozin'ny hoditra (p. 212)



Ity zaza ity dia voan'ny bay mitsiranoka fa tsy habokana.

# FIFANGAROAN'NY ARETINA SAMIHafa IZAY MITERAKA FANAIVIANA

Anarana Espaniola: LA FIEBRE (FANAIVIANA) Anarana eo amin'ny faritra misy anareo: \_\_\_\_\_

Raha ny tena marina, ny fanaviana dia **hafanan'ny vatana izay ambony noho ny tokony ho izy**. Saingy any Amerika Latina, maro ireo aretina mitera-doza izay mitarika fiakaran'ny hafanana ka antsoina hoe la fiebre—na 'fanaviana'.




Mba hisorohana na hitsaboana ireo aretina ireo amin'ny fomba mahomby dia zava-dehibe tokoa ny fahaizana manavaka ny aretina iray amin'ny iray hafa.

Ireto misy aretina mahery vaika vitsivitsy izay trangana fanaviana no tena famantarana lehibe amin'izany. Ny sary dia maneho ny **modelin'ny fanaviana** (fiakaranana sy fidinan'ny hafanana) izay mampivavaka ny aretina tsirairay.

### Tazo: (jereo p. 186)

Miatmboka amin'ny falezolezoana, fangovitana ary hafanana. Mety tonga ary lasa ao anatin'ny andro vitsy ny fanaviana, miaraka amin'ny fangovitana (mangatsiaka) rehefa miakatra ny hafanana, ary hatsembohana rehefa midina izany. Avy eo dia mety tonga mandritry ny ora vitsy ny hafanana, isan-tsegondra na telo andro. Amin'ny andro hafa dia mety hahatsiaro ho eo ho eo ihany ilay olona.


TAZO — MODELIN'NY FANAIVIANA MIAVAKA Ny tsipika matevina dia maneho ny fiakaranana sy fidinan'ny hafanana



### Tefoedra: (jereo p. 188)

Miantomboka toy ny sery. Miakatra kely isan'andro ny hafanana. Miadana ny fitempon'ny fo. Indraindray voan'ny aretim'pivalanana sy tsy fahampian-drano. Mangovitra na miteniteny foana (mandeha ny saina). Olona marary be.

TEFOEDRA — MODELIN'NY FANAIVIANA MIAVAKA Miakatra kely isan'andro ny hafanana




### Tazo mamindra: (jereo p. 190)

Mitovy amin'ny tefoedra. mibontsibontsina toy ny kitroto, miaraka amin'ny mangana kely.

### Hepatita: (jereo p. 172)

Malain-komana ilay olona. Tsy te hisakafo na ifoka sigara. Te handoa (maloiloy). Maso sy hoditra lasa miloko mavo; fivalanan-drano miloko volom-boasary na volon-tany; fivalanana miloko fotsy. Indraindray dia mihangeza, mihamalemy ny aty. Fanaviana malefala. Malezolezo be ilay olona


HEPATITA — MODELIN'NY FANAIVIANA MIAVAKA Matetika dia malefaka ny fanaviana.



**Pneumonia: (jereo p. 171)**

Fiaina haingana, lalina. Hafanana miakatra haingana be. Kohaka misy rehoka maitso, mavo, na misy rà. Mety marary tratra. Olona marary be.


PNEUMONIA — MODELIN'NY FANAVIANA MIAVAKA



**Rohana: (jereo p. 310)**

Matetika mpahazo ny ankizy Sy ny tanora. Tonon-taolana marary. Hafanana ambony. Matetika mitranga aorian'ny aretin-tenda. Mety marary tratra sy sempotra. Fihetsiky ny sandry sy ranjo tsy voafehy.


ROHANA- MODELIN'NY FANAVIANA MIAVAKA



**Brucellosis (fièvre de Malte): (jereo p. 188)**

manomboka amin'ny harerahana, marary andoha, marary amin'ny taolana. Fanaviana sy hatsembohana amin'ny alina. Miala ao anatin'ny andro vitsy ny fanaviana dia miverina indray. Mety maharitra amam-bolana na aman-taonany.


BRUCELLOSIS — tonga tsikelikely ny fanaviana. MODELIN'NY FANAVIANA MIAVAKA miakatra amin'ny atoandro ary midina amin'ny alina.



**Fanaviana aorian'ny fiterahana: (jereo p. 276)**

Manomboka amin'ny andro voalohany na mihoatra aorian'ny fiterahana. Manomboka amin'ny hafanana kely, izay mihombo avy eo. Tsiranoka maimbo amin'ny fivaviana. Marary ary indraindray mandeha rà.

FANAVIANA AORIAN'NY FITERAHANA — MODELIN'NY FANAVIANA MIAVAKA



Ireo aretina rehetra ireo dia mety hampidi-doza. Manampy ireo naseho teto dia maro ireo aretina hafa izay mety hiteraka famantarana mitovy na fanaviana. Ohatra: fanaviana izay maharitra mihoatra ny iray volana, na fahatsembohana amin'ny alina, dia mety ateraky ny aretina VIH (jereo p. 399). Raha azo atao dia mandehana mitady fanampiana ara-medikaly.

